ALAHADY 24 JIONA 2018
FAHATERAHAN'I JOANY BATISTA

Ho inona re, ity zaza ity? Fa nomba azy ny tanan'ny Tompo."

Ry Kristianina havana, raha ny marina dia Alahady faha-12 tsotra mandavantaona izao Alahady 24 jiona izao fa mifanojo amin'ny daty ankalazana amin'ny fomba manetriketrika ny nahaterahan'i Joany Batista ka ny fankazalazana no tanterahantsika fa tsy ny alahady tsotra.

Ny vakiteny aroson'ny Eglizy amin'izao 24 jiona izao dia manampy antsika hibanjina bebe kokoa an' i Joany Batista izay mpaminany lehibe tokoa ary izany no niantsoan'i Jesoa azy ka ny fahaterahany no dinihintsika androany. Mifanojo koa izany amin'ny fandalinam-pinoana ataontsika araka ny efa naverintsika matetika fa izao mandavantaona izao fa indrindra ny fiomanantsika amin'ny filankevitra pastôraly efa akaiky izao, ny fandalinam-pinoana no hahafahantsika mijery, mamakafaka sy mampiditra am-po ary mivelona ny finoana ka hahaizantsika ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ary misy modely arahina amin'izany isika dia i Md Joany Batista. Tsara marihina ihany koa fa andro mialoha ny fetim-pirenantsika malagasy 26 jiona izao fety ankalazana ny fahaterahan'i Joany Batista izao ka manampy antsika ihany koa handinika inona ny anjaram-piainantsika eo anivon'ny firenena izay fantantsika fa mandalo fotoan-tsarotra tokoa ankehitriny. Izany rehetra izany ry Kristianina havana no hanasana antsika arak'ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amintsika handinika sy hibanjina ny anjara toeran'i Joany Batista eo amin'ny tantaram-pamonjena.

Vakiteny I : Iz. 49, 1-6
Tononkira : Salamo 138
Vakiteny II : Asa 13, 22-26
Evanjely : Lk. 1, 57-66. 80

I Joany Batista dia i Joany no anarany ary nampiana hoe Batista satria mpanao batemy izy, io ny anjara toerana fototra tsara ho alalinintsika sy ho raisintsika eo amin'ny

fiainantsika dia tsy inona fa i Joany Batista ilay mpanomana tanteraka ny fiavian'ny Tompo. Teraka izy dia ny mba hanomana ny fiavian'ny Tompo. Izy nitory teny nanomana an'ireo handray ny Tompo, izy no nanambara ny batemy fibebahana hanomana ny fiavian'ny Tompo. Izy notapahin-doha noho ny fijoroany amin'ny marina ka nanambara sahady koa ny fijaliana tsy maintsy hianjady amin'ny Tompo. Noho izany antony rehetra izany no nambaran'i Jesoa fa izy no mpaminany lehibe indrindra araky ny làlanan'ny testamenta taloha ka mampiditra antsika amin'ny testamenta vaovao.

Ny toetran'i Joany Batista no tsy maintsy ananantsika, mpanomana ny fiavian'ny Tompo eo anivon'izao tontolo izao isika raha mandray an'i Jesoa. Aoka ho tahaka an'I Joany Batista isika izay faly dieny mbola tao ankibon-dreniny Elizabeta raha novangian'i Masina Maria taorian'ny fiarahaban'ny anjely azy nanambarana fa zanak'Andriamanitra ny ao ankibony. Isika izao no Joany Batista manambara an'i Jesoa amin'ny fiainantsika manontolo. Manana modely isika katekista rehetra dia i Joany Batista ary isika rehetra vita batemy no katekista satria manampy ny olona hanomana ny fiavian'ny Tompo sy hanampy ny olona amin'ny fandalinam-pinoana, hanitatra ny fanjakan'Andriamanitra ka ho Eglizy Olona Velona tokoa eo anivon'ny fiaraha-monintsika.

Ny mamparary ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, ny Eglizy dia satria tsy misy manomana ny olona, tsy misy fiomanana ny olona ka zary manao ny saim-pantatra matetika ~~ka~~ ny hevitr'izao tontolo izao no manjaka ka mahatonga ny fikorontanana.

Joany Batista dia nanomana olona, tadidintsika ny taratasy nataon'i Eveka ho an'ny miaramila, ho an'ireo dokotera, no an'ny minisitra, ho an'ny pretra, ho an'ny eveka, manambara fa mila fibebahana. Izany no nataon'i Joany Batista ary izany koa no anjarantsika, tsy maintsy manana ny olona hibebaka ary isika koa mibebaka.

Ny toetra nampiavaka an'i Joany Batista dia izy feno fanetrentena, miafy be izy sady nahafoy hatramin'ny ainy. Izany koa no tsy maintsy ataontsika raha te hanaradia an'i Jesoa isika dia ny tenantsika no tsy maintsy avaozintsika. Raha tiantsika marina ny fihaovaozana dia isika no tsy maintsy mihavao voalohany indrindra. Afaka mihavao isika raha manaiky avaozin'Andriamanitra. Izany tokoa ny toetran'i Joany Batista. Azo lazaina fa nanana an'izany làlam-piainana izany koa i Lucien Botovasoa raha nilaza hoe "izao aho vao nahalala an'i Jesoa" satria nanaiky nihavao izy. Raha miezaka isika hahalala sy hampahalala an'i Jesoa dia mitondra antsika amin'ny fihavaozana izany.

Izany no toetra ambaran'i Joany Batista izay modely ho antsika ka dinihintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny telo atolotry ny Eglizy androany. Ny vakiteny voalohany amin'ny bokin'Izaia mpaminany manambara ny fiantsoana ny mpaminany : mila mpaminany izao androntsika izao, mpaminany hanoro ny olona ny làlan-kombana. Isika tsirairay koa fa indrindra isika vita batemy dia antsoina hoe mpaminany. *"Ny Tompo efa niantso ahy hatrany am-bohòka, efa nilaza ampahibemaso ny anarako, hatrany an-kibon'i*

neny. ” Isika rehetra dia samy manana ny vocation daholo ka irahin’Andriamanitra isika hanambara ny sitrapony eo amin’ny manodidina antsika. Ny atao hoe mpaminany dia tsy hoe izay mahafantatra ny hoavy fa izay mahafantatra ny sitrak’Andriamanitra ka manambara azy eo amin’ny mpiara-belona ary izany no nataon’i Joany Batista, izany koa no nataon’i Lucien Botovasoa ary izany no miandry antsika raha génération mpanorina tokoa isika. Ny mpaminany dia tsy mpandrava fa mpanorina ka manoro ny sitrak’Andriamanitra izay hahatsara sy hahasoa antsika ao anatin’ny fahamarinana. Matoa isika tsy miaina ny soa sy ny tsara araky ny sitrak’Andriamanitra dia satria tsy mivelona ny fahamarinana ambaran’Andriamanitra.

Marina fa tsy mora ny maha mpaminany, fantantsika ny nanjo an’i Joany Batista sy ny nanjo an’i Lucien Botovasoa, martiry vavolombelona. Anjara toerantsika koa izany ny mijoro ho vavolombelona. Matoa mikoroso fahana ny fiainantsika dia satria tsy mandray ny hafatry ny mpaminany isika.

Ny evanjely manambara amintsika “i Joany no anarany” izany hoe mila fihavaozana izao androntsika izao. Fanovana anarana io manambara fa miova ny olona ary matetika ny fomba no mamatotra antsika tsy hahita ny sitrak’Andriamanitra. Hitantsika fa namatotra ny lelan’i Zakaria ny fifikirany amin’ny fomba *“Nony afaka havaloana, dia tonga izy hamora ny zaza, ary Zakaria, araka ny anaran-drainy no ndeha hataony anarany.* “ Raha te hihavao tokoa isika dia ialao ny fomba izay tsy mety izay manapotika ny fiainantsika dia ny tsy fijoroantsika amin’ny fahamarinana, lainga sy fitapitaka no matetika ataontsika. Matetika ihany koa ny fomba ho entintsika mampihatra ny fihavaozana ka tsy mahagaga raha mifanapotika isika. Izany no nahatonga an’i Lucien Botovasoa nilaza fa “ny politika mitondra amin’ny fandatsahan-drà ny politikanareo” ka ny fomba narahiny dia ny an’Andriamanitra ao anatin’ny fahamarinana. Izany no làlana tsy maintsy izorantsika koa raha mihavao isika. Mitondra ny anarana Kristianina isika, olombaovao isika vita batemy ka aoka ary hanaraka ny maha Kristianina antsika. Maro amin’ireo mpanao politika no Kristianina ka aoka ho mendria ny anarana maha Kristianina azy tokoa izy eo amin’ny fiainany andavanandro tahaka an’i Joany Batista sy tahaka an’i Lucien Botovasoa hijoro vavolombelona, hijoro amin’ny fahamarinana, hijoro amin’ny fikatsana ny soa iombonana, hijoro amin’ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny amin’izay dia hivaha tokoa tahaka ny lelan’i Zakaria “*Dia nangataka fàfana izy ary nanoratra hoe: “Joany no anarany”; ka gaga daholo izy rehetra. Niaraka tamin’izay dia nisokatra ny vavany, ary nivaha ny lelany, dia niteny izy ka nisaotra an’Andriamanitra*. “
Hihatsara ny fiainantsika raha manaiky hihavao tokoa isika araky ny sitrak’Andriamanitra fa tsy ny saintsainan’izao tontolo izao ary izany ny làlana hahafahantsika manova ny fiainantsika ity.
Maro ny zavatra mamatotra antsika ka aoka hiala amin’ny fomba ratsy dia ny fialonana, ny fitiavan-tena, ny avonavona ka hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny.

Aoka ny fahamarinana no làlan-kizorantsika ary aoka ny fifankatiavana marina no entintsika hanavao ny fiainantsika.

Manamafy koa ny evanjely androany fa noho izany fanekena ny fihavaozana izany dia nanaitra an'ireo manodidina " *Ary izay rehetra nahare dia nandatsaka izany tao am-pony, ka nanao hoe: "Ho inona re, ity zaza ity? Fa nomba azy ny tanan'ny Tompo."* Raha miezaka isika dia miova ny fiainantsika, izany no maha génération mpanorina antsika. Io no mahatonga antsika hanao izao filankevitra pastôraly izao ka hanontany isika hoe ho inona tokoa inty filankevitra pastôraly ity ? Aoka anie ho tahaka an'i Joany Batista isika amin'izao faha 60 taona vaovao ny arsidiosentsika izao, ho génération mpanorina isika, ny làlana nizoran'i Joany Batista no hizorantsika dia ny 5F (Fahafoizana, Faharetana, Fahasahiana, Fanetrentena, Fitiavam-bavaka) sy ny 5M (Mivavaka, Mandalim-inoana, Mikatroka, Manompo, Mandray an-tànana) ka ho tahaka an'i Joany Batista nilaza hoe " Tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aho".

Izany koa no làlana ho antsika ry Kristianina havana amin'izao fanorenantsika ny filankevitra pastôrlay izao, hanorina Eglizy Olona Velona isika ka aoka handray an'i Joany Batista ho modely isika ary ho antsika eto anivon'ny firenentsika aoka handray an'i Joany Batista mpanomana an'i Jesoa. Raha manomana ny olona rehetra isika tahaka nataon'i Joany Batista handray an'i Jesoa dia miova ny fiainantsika ary izany no tena fihavaozana marina.

Ry Jesoa Tompo ô, mankalaza manetriketrika an'i Joany Batista izahay, izy zay nolazainao mpaninany lehibe indrindra, ampio izahay hiezaka mandrakariva hanomana ny fahatongavanao eo anivon'ny mpiara-belona ka ho génération mpanorina tokoa izahay hanorina Eglizy velona eo amin'ny fiainanay andavanandro.
Enga anie ny fiainam-pirenenay koa hiova ho tsara, raha ny fonay tokoa ny hiova tahaka an'i Joany Batista dia hanana fanetrentena izahay ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana, hanana fo sy tanjaka hijoro ho tena vavolombelona eo amin'ny fiainanay andavanandro. Enga anie ny fiainanay ho fiainana misy an'Andriamanitra mba ho lavitra ireny fitapitaka sy lainga isankarazany. Ampio izahay hihavao tokoa ka hanana fiainam-pinoana ka hivelatra ho an'ny hafa, hanomana ny fon'ny hafa handray anao amin'izay hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay ka tena ho Eglizy Tranon'Andriamanitra tokoa ny fianakavianay sy ny fiaraha-moninay ary izahay ho Eglizy Olona Velona, apetrakay am-pelatananao izao filankevitra pastôraly hanomananay an'izany rehetra izany ka hahatonga anay ho génération mpanorina hitoetra ao aminao sy hitoeranao ary hamokatra be ka ho feno hafaliana lavorary ny fiainanay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson